# TORITENY

# Andron'ny Mpisavalalana Manerantany 2024

## Lohahevitra: Jesosy, Milasy Miaraka Aminao

## 21 Septambra 2024

## gcyouthministries.org

# TORITENY #1

**Jesosy Milasy Miaraka Aminao i: Dia am-pinoana sy Fisakaizana**

**Vavaka fanokafana:**

Ray malala any an-danitra ô,

Raha mivory miaraka eto izahay anio amin'ny fanahin'ny fiombonana sy ny fahitana vaovao dia manasa ny ny fanatrehanao hiaraka aminay. Tahio ny fotoana iarahanay raha miroso amin'ny dia ara-panahy mikaroka ny foto-kevitra hoe: « Jesosy, milasy miaraka aminao". Enga anie ny Fanahinao Masina hitari-dalana anay hanokatra ny fonay, ary hitaona anay hanatona Anao. Mikatsaka ny fahendrena sy ny fitiavana ary ny tsindrimandry avy aminao izahay ao anatin'izao fotoana fisaintsainana sy fianarana izao. Amin'ny anaran'i Jesosy no ivavahanay. Amena

**Fampidirana**:

Ry Mpisavalalana malala, sy hianareo ray aman-dreny ary namana, tongasoa eto amin'ity fivoriana manokana ity izay hirosoantsika amin'ny dia ara-panahy mikaroka ny foto-kevitry ny "Jesosy, milasy miaraka aminao". Alao sary an-tsaina ny toeram-pilasiana iray voahodidin'ny hakanton'ny zavaboary, ny hafanan'ny afon-dasy, ary ny fanatrehan'ny  namana akaiky iray, i Jesosy. Androany isika dia handinika ny dian'ny finoana sy ny fisakaizana miandry antsika amin'ity fanandramana lasy miavaka ity.

**I- Fametrahana ny lasy : Fototry ny finoana**

Rehefa manangana ny laintsika sy mametraka ny lasy isika dia andao hanao fampitahana mirazotra amin'ny fananganana fototry ny finoana mafy orina. Tahaka ny ametrahantsika ny tranolaintsika amin'ny tsato-kazo na tsato-by mba hanoherana ny rivotra, dia miorina amin'ny fampianarana sy ny fampanantenan'i Jesosy ny finoantsika. Ao amin'ny Matio 7:24-25 , i Jesosy dia nampitaha ilay lehilahy hendry izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny vatolampy tamin'ireo izay mandre ny teniny sy manao izany. Mihamatanjaka ny finoantsika rehefa miorina amin'ny fahamarinana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra.

**II- Fijerena akaiky ny tany efitra: Fikarohana ireo fanambin'ny fiainana**

Matetika ny fiainana dia toy ny tany efitra midadasika, feno lalana tsy fantatra, fihaikana, ary tsy fahazoana antoka. Kanefa, tahaka an'i Jesosy milasy miaraka amintsika, dia tsy irery isika amin'ity dia ity. Hoy i Davida ao amin'ny Salamo 23:4 : "Na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho, fa Hianao no amiko". Mitondra fampiononana

sy fitarihana ary fahatokiana eo am-pamakivakiana ny tany efitra ny fanatrehan'i Jesosy.

**III-Resadresaka mandritra ny afon-dasy: Manorina Fifandraisana amin'i Jesosy**

Alaivo sary an-tsaina isika mivondrona manodidina ny afon-dasy, mizara tantara, fampihomehezana, ary fotoana mamy tsy misy hosoka miaraka amin'i Jesosy. Hoy i Jesosy ao amin'ny Jaona 15:15 : "Tsy hataoko hoe mpanompo intsony ianareo, satria ny mpanompo tsy mahalala ny raharahan'ny tompony, fa efa nataoko hoe sakaiza hianareo". Irin'i Jesoa ny fisakaizana lalina sy manokana amintsika tsirairay avy. Aoka isika hanokatra ny fontsika amin'i Jesosy tahaka ny fisokafan'ny fon'ny namana amin'ireo namany hafa,  amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fisaintsainana ary ny fahavononana hihaino.

**IV- Fibanjinana ireo kintana: Fahitana ny zava-dehibe nataon'Andriamanitra**

Mandritra ny filasiantsika, dia aoka isika haka fotoana kely hibanjinana ny kintana, hisaintsainana ny halehiben'ny zavaboarin'Andriamanitra. Tahaka ny ananan' ny kintana tsirairay ny toerany eny amin'ny lanitra amin'ny alina, dia manana tanjona miavaka amin'ny fikasan'Andriamanitra koa isika. Manome toky antsika ny Jeremia 29:11 hoe: ""Fa Izaho mahalala ny hevitra iheverako anareo, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana, fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany." Jeremia 29:11. Manambara ny tanjona ho tratrarintsika sy mitarika antsika amin'ny dia amin'ny fanatanterahana ny drafitra masin'Andriamanitra i Jesosy, ilay mpitari-dalana antsika.

**V- Ireo Hetsika ao an-dasy: Fampivelarana ireo fahaiza-manao ara-panah**y

Tsy ho feno ny lasy raha tsy manao hetsika izay mampitombo ny fahaizantsika ara-panahy isika. Tahaka ny fanatsaràna ny fahaiza-manao ao an-dasy, dia afaka mitombo eo amin'ny fifandraisantsika amin'i Jesosy isika amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fianarana Baiboly ary ny fanompoana ny hafa. Mampahatsiahy antsika toy izao ny Jakoba 2:17: "Ary mba toy izany koa ny finoana, raha tsy misy asa, dia maty mihitsy.". Aoka isika hampihatra amim-pahavitrihana ny finoantsika, haneho fitiavana sy hatsaram-panahy amin'ireo manodidina antsika.

**VI- Fiambenana amin'ny alina: Matoky an'i Jesosy ao anatin'ny haizina**

Rehefa manomboka ny fiambenana amin'ny alina, dia mety hahita haizina sy zavata maro tsy azo antoka isika. Mampanantena anefa i Jesosy fa ho fahazavana mitarika antsika. Hoy ny Salamo 119:105 : "Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny teninao". Ny fahatokiana an'i Jesosy mandritra ny vanim-

potoan’ny alina dia midika hoe miantehitra amin’ny teny fikasany, na dia tsy hitantsika aza izay ho avy. Mitombo ny finoantsika rehefa miara-mandeha Aminy mandritra ny ora maizina indrindra isika.

**VII- Fiposahan'ny masoandro: maraina vaovao miaraka amin'i Jesosy**

Mahita ny hakanton'ny andro vaovao miaraka amin'ny fiposahan'ny masoandro isika. Toy izany koa, amin’ny diantsika ara-panahy, manolotra ny teny fikasana momba ny fiandohana vaovao i Jesosy. Hoy ny Fitomaniana 3:22-23 : "“Ny famindram-pon'i Jehovah no tsy nahalany ritra antsika, fa tsy mitsahatra ny fiantrany. Vaovao isa-maraina izany; lehibe ny fahamarinanao.”
Mitondra fanantenana fanavotana, famelan-keloka ary fanombohana vaovao amin'ny fisakaizana amin'i Jesosy ny fiposahan'ny masoandro tsirairay.

**Fehiny**:

Eo am-pamaranana ny diantsika miaraka amin'i Jesosy dia ndeha hitondra ny leson'ny finoana sy ny fisakaizana ary ny fitsangatsanganana miaraka amintsika. Tsy sary an’ ohatra fotsiny i Jesosy milasy miaraka amintsika; zava-misy iainantsika isan'andro io. Aoka isika hankamamy ny hafaliana miaraka amin’i Jesosy amin’ny maha Mpisavalalana antsika satria mahafantatra fa Izy no mpitari-dalana antsika sy sakaizantsika ary namantsika mandrakariva amin’ny dian’ny finoana. Enga anie ny laintsika hiorina mafy ao amin’ny Teniny, ary enga anie ny fontsika hisokatra amin’ny hafanan’ny fitiavany. Andeha isika hiroso amin’ny fahatokiana fa miara-milasy amintsika tsirairay avy i Jesosy, mitarika antsika amin’ny dia mampientanentana momba ny finoana sy ny fisakaizana.

**Vavaka farany**:

Tompo be fitiavana sy famindram-po,
Rehefa mamarana izao fotoana iarahanay izao izahay dia misaotra Anao noho ny dian’ny finoana sy ny fisakaizana hitanay androany. Feno fankasitrahana izahay nohon’ny fahatokiana fa miara-mipetraka aminay i Jesosy, mitarika ny dianay ary manazava ny lalanay. Aoka hanakoako ao am-ponay anie ny lesona nianaranay, hanentana anay handeha amin’ny finoana, hanorina fisakaizana lalina amin’i Jesosy, ary hizara ny fitiavanao amin’ny hafa.

Aoka ho namana miaraka aminay mandrakariva hianao, eehefa mivoaka amin'ity fivoriana ity izahay. Tompo ô. Tahio ny Mpisavalalana sy ny ray aman-dreny ary ny namana rehetra manatrika eto. Enga anie ny fahasoavanao no hialoha lalana anay ary ho tanteraka eo amin’ny fiainanay isan’andro ny fifaliana miaraka amin’i Jesos. Amin’ny anarana sarobidin’i Jesosy no anoloranay izany vavaka izany. Amena.

# TORITENY # 2

**Zavatra katsahin'ny Mpisavalalana, zava-dehibe tsy ampoizina (aventure) miaraka amin'i Jesosy**

**Vavaka fanokafana:**

Ray malala any an-danitra ô,
Mivory eto izahay, amin'ny fo misokatra sy ny saina liana, manasa ny fanatrehanao ho eo afovoanay. Tahio ity fotoana ity hanaovanay fikarohana sy hahitanay fifaliana rehefa mianoka ao amin'ny Teninao izahay. Enga anie ny Fanahinao hitarika anay, hanazava ny fahalalanay, ary hameno ny fonay amin'ny tsiky sy fahendrena. Amin'ny anaran'i Jesosy no ivavahanay. Amena.

**Vakiteny fototra:** Salamo 119:105

**Fampidirana:**

Mirary Sabata mahafinaritra ho antsika Mpisavalalana! Manao ahoana hianareo rehetra androany? Faly aho tonga eto ary mizara hafatra momba ny fikatsahana mahagaga - tsy fikatsahana fotsiny, fa fikatsahana ataon'ny Mpisavalalana izay i Jesosy no mpitari-dalana antsika. Andao hifandray isika sy hiaraka handroso hatrany eo am-panokafana ny tenin'Andriamanitra ary mandalina ny zava-dehibe tsy ampoizina nomanin'i Jesosy ho antsika.

**I. Ny Sarintanin'ilay zava-dehibe tsy ampoizina** (Aventure)- **Ny Tenin' Andriamanitra ( Salamo 119:105 ).**

Rehefa mieritreritra ny handeha amin'ny dia tsy ampoizina (aventure) isika dia anisan'ny zavatra voalohany ilaintsika ny sarintany. Ny sarintany ho an'ity fikatsahana mahagaga ataon'ny Mpisavalalana ity dia tsy inona fa ny Tenin'Andriamanitra. Hoy izy ao amin'ny Salamo 119:105 : "Fanilon'ny tongotro sy fanazavana ny lalako ny teninao". Toy ny sarintany mitari-dalana antsika amin'ny faritany tsy fantatra, dia manazava ny lalantsika ny Baiboly, mampiseho antsika ny lalana amin'io dia mahagaga miaraka amin'i Jesosy io. Nasehon'i Jesosy fa fantany ny lalana mamakivaky ny tany efitra, ary manome ohatra foana izy ny amin'ny fomba hanarahantsika ny diany na aiza na aiza hitondrany antsika. Tahaka ireo Mpisavalalana marina, dia tsy maintsy mampiomana ny tenantsika amin'ny Sarintanin'Andriamanitra isika mba hahafahantsika miatrika izay olana mety hitranga amintsika.

(Fanehoana an-tsary mety ho azo atao: Sarintany goavam-be misy toko sy andininy ao amin'ny Baiboly, ny tsirairay amin’ izy ireo dia samy mitondra ho amin'ny fahitana vaovao momba ny fikatsahantsika Mpisavalalana.)

**II. Tena ilaina ny kitapo babena: Finoana, Fanantenana ary Fitiavana ( 1 Korintiana 13:13 ).**

Amin'ny maha Mpisavalalana antsika dia fantatsika fa mila fitaovana ho an'ny dia isika toy ny kitapo babena misy sakafo, tady, harona fatoriana, sns. Ny Baiboly koa dia milaza amintsika fa tsy maintsy manomana ny tenantsika amin'ny zavatra ilaina amin'ny zavatra ho avy eo amin'ny fiainana isika. Manome fanazavana antsika ny apostoly Paoly ao amin’ny 1 Korintiana 13:13 , manao hoe: “Ary ankehitriny ireto telo ireto no mitoetra, dia ny finoana sy ny fanantenana ary ny fitiavana; fa ny fitiavana no lehibe amin’ireo”. Noho izany, ny Baiboly dia milaza fa tokony ho feno finoana ny kitapo babena hoentintsika - mino an'i Jesosy, manantena - miandrandra ny zava-mahatalanjona izay ananany ho antsika, ary ny fitiavana - io no fanondroavaratra (boussole) izay mampiseho amintsika ny lalana marina. Izy ireo dia ilaina amin'ny zava-mitranga rehetra izay hitondran'i Jesosy antsika.
(Fanehoana an-tsary mety ho atao: Sarina kitapo babena feno entana misy soratra hoe: Finoana, Fanantenana, ary Fitiavana.)

**III. Lalam-baovaon’ny (piste) fisakaizana: miara-nandeha amin’i Jesosy (Jaona 15:15)**.

Maro no mirona amin’ny finoana hino fa ny dia ara-panahy dia mety ho dia manirery. Indraindray, na ny namanao sy ny fianakavianao ary ny fiangonana aza dia tsy mahatakatra ny zavatra iainanao. Nasehon’i Jesosy anefa fa na aiza na aiza alehantsika dia tsy irery mihitsy isika. Tsy olona mitazan-davitra fotsiny i Jesosy; Izy no mpitari-dalana sy namantsika faratampony. Hoy i Jesosy ao amin’ny Jaona 15:15 : “Tsy hataoko hoe mpanompo intsony ianareo, satria ny mpanompo tsy mahalala ny raharahan’ny tompony, fa efa nataoko hoe sakaiza hianareo”. Noho izany, rehefa mandeha amin’ity lalana ity isika, dia aza adino ny miresaka amin’i Jesosy, mizara ny nofinofinao aminy, ary mety hitantara vazivazy vitsivitsy mihitsy aza. Vonona hihaino foana i Jesosy.
(Fanehoana an-tsary Mety ho azo atao: Mampiasà sarin’ireo Mpisavalalana mandeha an-tongotra amin’ny lalana iray miaraka amin’i Jesoa nandeha teo anilany, nizara fihomehezana sy tantara.)

**IV. Ny fanondroavaratry (*Boussole*) ny Safidy: Manaraka an'i Jesosy (Ohabolana 3:5-6 )**.

Tahaka ny ankamaroan'ny fikarohana, ity iray ity koa dia feno safidy - izay lalana haleha, inona no hatao, sns. Saingy tsy tokony hatahotra Safidy isika. Manana fanondroavaratra faratampony eo am-pelatanantsika isika hitari-dalana antsika. Hoy ny Ohabolana 3:5-6 : "Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao; maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny lalanao". Noho izany, rehefa tojo safidy, dia matokia an'i Jesosy, izy no fanondroavaratra hitarika antsika amin'ny lalana marina. Tsy nanao ratsy mihitsy Izy, ary tsy hanao izany mihitsy. Mety tsy io no lalana mora arahina fa io no lalana marina.

(Fanehoana an-tsary Mety ho Atao: Mampiasà sarina fanondroavaratra (boussole) misy soratra hoe "Matokia an'i Jehovah",eo amboniny izay mitarika ny Mpisavalalana amin'ny safidy maro be.)

**V. Ny fihaikana (challenge) amin'ny fikarohana: Herim-po sy faharetana (Josoa 1:9)**

Na dia miomana amin'ireo fihaikana aza isika dia takatsika fa ny fikarohana lehibe rehetra dia miaraka amin'ny fihaikana tsy ampoizina. Miezaka manao izay fara heriny isika mba hiomanana, saingy tsy afaka maminavina tanteraka izay mety hitranga. Ny vaovao tsara – tsy irery isika rehefa miatrika fihaikana. Izao no voalaza ao amin'ny Josoa 1:9 : "Tsy efa nandidy anao va Aho? Mahereza sy matanjaha; aza matahotra, aza mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao". Rehefa tonga amintsika ny olana dia milaza ny Tompo fa tokony ho be herim-po isika. Ny fahafantarana fa eto amintsika Jesosy dia manamora ny fiatrehana ireo fihaikana ary manome hery antsika handresena ny zavatra ho avy.

(Fanehoana an-tsary mety ho azo atao: Mampiasà Sarin'ny Mpisavalalana mandresy ny sakana miaraka amin'i Jesosy izay mihoby azy ireo, faneva misy soratra hoe "Herim-po" mihofahofa eo aoriana.)

**VI. Ny haren-tsarobidy ( trésor ) hita: ny zava- mahagaga tsy ampoizina nataon'Andriamanitra ( Jeremia 29:13 ).**

Ankoatra ny zava-tsarotra sy ny fihaikana, dia nomen'Andriamanitra haren-tsarobidy izay miseho eo amin'ny tenany izy ireo am-panohizana ny fikarohana. Hitantsika fa nandritra ny fikarohana dia lasa mifandray bebe kokoa sy matoky an'Andriamanitra isika. Mampitombo ny fifandraisantsika aminy isika amin'ny alalan'ny fahatokiana Azy. Izao no voalaza ao amin'ny Jeremia 29:13 : ""Ary hitady Ahy ianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny

fonareo rehetra.” Ny harena omen’Andriamanitra dia fifandraisana matanjaka aminy. Sarobidy aminy isika ary amin’ny alàlany no ahitantsika ny hakanton’ny fitiavany.
(Mety ho fanehoana an-tsary: Mpisavalalana mahita harena miafina miaraka amin'ny endrika gaga sy talanjona)

**VII. Ny Afon-dasy Fankalazana: Fifaliana amin’ny Dia ( Salamo 16:11 )**.

Tahaka ny fikatsahana tena izy rehetra, dia fantatsika rehetra fa misy ny farany. Amin’ny fiafaran’ny fikatsahantsika Mpisavalalana, dia azontsika an-tsaina ny hoe mivory manodidina ny afon-dasy ary mahita fitsaharana miaraka amin’i Jesosy. Hoy izy ao amin’ny Salamo 16:11 : “Nampahafantatra ahy ny lalan’ny fiainana Hianao, ka mameno fifaliana ahy eo anatrehanao”. Asehon’i Jesosy fa na aiza na aiza hiafarantsika dia hanome izay ilaina sy fialofana ho antsika izy. Omeny hafanana sy hery hanohizana ny lalana rahampitso.
Noho izany, andao isika hankalaza ny hafalian'ny dia miaraka amin'i Jesosy - mihira, mihomehy ary mizara tantara toy ny ataontsika manodidina ny afon-dasy.

(Mety ho fanehoana an-tsary: Sarin’ ireo Mpisavalalana mivondrona sy mihira manodidina ny afon-dasy, mampiseho fifaliana.)

**Vavaka famaranana:**

Tompo malala ô,

Eo am-pamaranany ity fikatsahan’ny Mpisavalalana tsy mampino ity dia misaotra Anao izahay noho ny maha mpitari-dalana anao, namana sy sakaiza amin’ny fotoana rehetra. Tahio ny Mpisavalalana tsirairay amin'ity dia mahafinaritra ity, enga anie ny lesona nianaran’izy ireo sy ny fahatsiarovana noforonina hitoetra ao amin’izy ireo mandrakizay. Rehefa manohy ny dianay miaraka Aminao izahay dia fenoy fifaliana sy herim-po ary finoana tsy mihozongozona ny fonay. Amin’ny anaran’i Jesosy, no anononanay ny vavaka izahay. Amena.

# TORITENY #3

## Jesosy Milasy Miaraka Aminao

**Vakiteny Fototra:** “Fa hoy Izy: Izaho tsy handao anao mihitsy na hahafoy anao mihitsy.” — Hebreo 13:5b ( DIEM ).

**Vavaka fanokafana**:

Andriamanitra be fitiavana sy mahatalanjona, misaotra Anao izahay noho ity andro feno fanantenana sy mampientanentana ny fo ity. Eo am-pandinihana ny Teninao dia mangataka izahay mba hitarihan’ny Fanahinao anay sy hanehoany ny hakanton’ny fahamarinana ho hitanay ao amin’i Jesosy. Amin'ny Anarany no anononanay ny vavaka. Amena.

**Fampidirana**

Miarahaba ny Mpisavalalana rehetra tafaraka amintsika eto anio! Faly erỳ aho miaraka aminareo amin’ izao dia manokana izao. Hojerentsika anio ny lohahevitra hoe: Jesosy Miaraka Milasy Aminao. Ny teny filamatra noraisintsika dia tena mampientam-po toy ny dia feno zavatra tsy ampoizina (aventure) mihitsy: "Jesosy miaraka milasy aminao". Ary inona no fomba tsara kokoa hanombohana izany dia izany afa-tsy ny fahatsiarovana ny fampanantenana mivantana nataon’i Jesosy ao amin’ny Hebreo 13:5b : “Izaho tsy handao anao mihitsy na hahafoy anao akory”. Andao hiaraka amiko, hijery ny dikan'ireo teny ireo.

## I. Fizarana 1: Jesosy, ilay namana tsy azo sarahina

Alao sary an-tsaina hoe ao anaty lasy mampientanentana any anaty ala ianao miaraka amin'ny namanao akaiky indrindra. Fientanentanana no mameno ny rivotra rehefa miomana amin'ny alina feno zavatra tsy ampoizina sy feno tsiky hianareo. Fa inona no mampiavaka ny lasy? Mamorona fahatsiarovana tsy hay hadinoina ireo tantara nozaraina manodidina ny afo! Hitantsika ao amin’ny Baiboly fa tian’i Jesosy koa ny tantara sy ny fiarahana amin’ny namany.

**Jesosy, ilay sakaiza tsy mandao:**

Ao amin’ny Matio 28:20 ( DIEM ), Jesosy dia manambara zavatra miavaka: Ary indro Aho miaraka aminareo isan’andro vaky mandra-pahatongan’ny fiafaran’izao tontolo izao.”

Mihoatra noho ny hoe namana fotsiny izany; Jesosy dia tahaka ilay namanao tsy mahafoy na mahasaraka, tsy mandao fa eo anilanao foana. Alao sary an-tsaina hoe mandehandeha mamakivakyy ala miaraka amin'i Jesosy, mizara tsiky sy mihomehy ary mihaino ny tantarany mahavariana. Tsy hoe namana fotsiny izy; fa Izy no namana izay eo foana.

**Jesosy, ilay mpitantara:**

Alaivo sary an-tsaina hoe mipetraka eo akaikin'ny afon-dasy any an-danitra i Jesosy ary milaza tantara tsy mampino. Tantaram-pitiavana sy herim-po ary fanantenana. Manana hafatra manokana ny tantara tsirairay, mampahatsiahy antsika ny halehiben'ny fitiavany antsika sy ny maha-zava-dehibe antsika eo anatrehany. Tsy namantsika fotsiny i Jesosy fa ilay mpitantara tsy mampino ihany koa izay manasa antsika ho anisan'ny Tantarany sy hanandrana fotoana tsy hay hadinoina.

**Jesosy, ilay mpiara-milalao mahafinaritra:**

Amin'ity lasy ity dia tsy mitsahatra ny fahafinaretana. Alao sary an-tsaina ny lalao mampientanentana tarihan'i Jesosy. Mihazakazaka manerana ny lanitra feno kintana, mitsambikina avy amin'ny rahona mankany amin'ny rahona, ary mameno ny rivotra ny hehy. Tsy namana fotsiny i Jesosy; Izy no mpiara-milalao tsara indrindra. Mahafinaritra azy ny fotoana rehetra miaraka aminao, mamorona hehy izay mivadika ho fahatsiarovana mandrakizay. Ao amin'io lasy any an-danitra io dia i Jesosy no mpitarika ny takariva fialam-boly.

**Jesosy, ilay namana mpikaroka:**

Midadasika ny ala any an-danitra ary feno zava-baovao mahatalanjona. Alao sary an-tsaina ny mijery an'io ala io miaraka amin'i Jesosy. Mitondra any amin'ny fahagagan'ny famoronana vaovao ny lalana tsirairay. Mamirapiratra amin'ny loko tsy mbola hita hatramin'izay ny voninkazo, ary mibitsibitsika ny tsiambaratelon'ny famoronana ny renirano. Jesosy no mpitari-dalana tonga lafatra, mampiseho anao ny hakanton'ny zavaboariny ary mizara ny hafaliana amin'ny fiaraha-mientana.

**Jesosy, ilay sakaiza mihaino:**

Tamin'ireo alina feno kintana amin'ny lasy any an-danitra, dia i Jesosy no olona mahatoky tsara indrindra azonao izarana ny momba anao (confident). Alaivo sary an-tsaina hoe mipetraka eo akaikiny, mitafy bodofotsy kintana, mizara ny fisaintsainana lalina indrindra anananao. Mihaino ny teny rehetra amim-pitiavana sy amim-pahatakarana i Jesosy. Tsy namana fotsiny izy; Izy no olona izay azo itokisana izay eo foana hihaino sy hampionona ary hahatakatra. Ao anatin'izany fotoana mahagaga izany, no hahatsapanao ny famihinana mampahery ataon'i Jesosy.

**Jesosy, Lehiben’ny Mpihira:**

Namirapiratra ny afon-dasy rehefa naka gitaran'ny i Jesosy ary nanomboka nitendry hira feno fitiavana. Mitantara ny fitiavany mandrakizay sy ny fampanantenana fa ho eo anilantsika mandrakariva Ireo hirany. Tsy namana fotsiny i Jesosy; Izy no tompon'ny hira mameno ny lasy miaraka amin'ny firindran’ny lanitra. Amin’izay fotoana izay, mitempo amin’ny gadon’ny hirany ny fo rehetra, ary mahatsapa ny halalin’ny fitiavany.

Nandinika ny fahamarinana tsy mampino isika androany izay nahitana fa tsy namantsika fotsiny i Jesosy fa mpiara-dia tonga lafatra ihany koa. Izy no mpitantara, mpitarika lalao, mpitari-dalana amin'ny fikarohana, ary olona itokisana hizarana ny momba antsika ao anatin’ny alina feno kintana. Rehefa mieritreritra an’i Jesoa ianao amin’ny manaraka, dia tsarovy fa Izy no ilay namana tsy mandao na oviana na oviana, ilay namana tsy mahasaraka izay manasa anao ho any amin’ny lasiny any an-danitra. Andeha isika hisaotra an’Andriamanitra noho ny nanomezany antsika an’i Jesosy, mpiara-dia amintsika mandrakizay amin’ity dia tsy ampoizina mampientanentana antsoina hoe fiainana ity.

**Lasin’i Jesosy any an-danitra**

Akimpio ny masonao ary alaivo sary an-tsaina ny lasin’i Jesosy any an-danitra. Manazava ny lanitra feno kintana ny afon-dasy ary mameno ny rivotra ny hehy sy ny hira mahafaly. Tsy misy fanilikilihana na fitsaratsarana amin'ity lasy ity fa arahabaina tonga soa avokoa ny olona rehetra. Mamirapiratra ny fitsikin’ i Jesosy rehefa manasa ny ankizy tsirairay manodidina Azy mba hanatevin-daharana ny Lalao mahafinaritra. Ary ny tena mampientanentana indrindra dia ny hoe manana toerana natokana ho antsika tsirairay foana i Jesosy ao amin’io lasy any an-danitra io. Na iza na iza isika na inona no vitantsika, dia manasa antsika ho any amin’ny lasiny i Jesosy satria tia antsika Izy. Tsy mahafinaritra ve ny mahafantatra fa te-hilasy miaraka aminao i Jesosy?

## II. Fantaro hoe nahoana i Jesosy no te hilasy miaraka aminao

**Fantatr'i Jesosy ny ao anatin'ny fonao:**

Ao amin’ny 1 Samoela 16:7, dia mampianatra antsika Andriamanitra fa tsy mijery ny fisehoantsika ivelany fotsiny Izy fa mijery mivantana ny fontsika. Fantatr’i Jesosy ny zorony rehetra ao am-pontsika ary tiany ny faritra rehetra amintsika. Efa nahatsiaro ho manirery na nalahelo ve ianao? Eo Jesosy hampionona anao sy hampahatsiahy anao ny maha-sarobidy anao. Fantany ny tahotrao sy ny nofinofinao ary ny tsipiriany rehetra izay mampiavaka anao. Misaotra anao izay Tompo nohon’ny fahafantaranao anay lalina. Amena.

**Te-hizara aminao Jesosy:**

Tsy vitan’ny hoe mahalala ny ao am-pontsika ihany anefa i Jesosy; Te handany fotoana miaraka aminao koa izy. Hoy i Jesosy ao amin’ny Apokalypsy 3:20: “Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna. Raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko”. Tsy sakafo fotsiny izany fa fanasana hifampizara fiainana. Te-hahafantatra anao lalina i Jesosy, te-ho anisan'ny fifaliana sy ny fihaikana eo amin’ny fiainanao izy. Alaivo sary an-tsaina ny fiarahana misakafo manokana amin’i Jesosy, izay ahafahanao miresaka momba ny zava-drehetra. Misaotra anao izahay Tompo fa nanasa anay hifampizara aminao hianao. Amena.

**Fisakafoanana miaraka amin’i Jesosy**

Alaivo sary an-tsaina ny latabatra feno sakafo tianao indrindra. Eo Jesosy mitsiky sy mizara aminao. Tsy sakafo hariva fotsiny izany fa fotoana manokana izay ihainoan'i Jesosy ny eritreritrao, izarana fanandramana, ary manorina fatorana mafimafy kokoa aminao. Alao sary an-tsaina hoe tena mahagaga ny manana an’i Jesosy ho namanao akaiky indrindra. Misaotra anao izahay Tompo ô, fa namanay eto amin’ity latabatry ny fisakaizana ity hianao.

## III. Jesosy, Mpiaro antsika tsy mety potika

Rehefa milasy isika dia te hahatsiaro ho voaro foana. Alao sary an-tsaina hoe eo afovoan'ny zavaboary ianao, voahodidin'ny feo amin'ny alina sy ny haizina manalokaloka. Amin'izany fotoana izany no ilaina ny mahafantatra fa voaaro isika. Fantatrao ve fa Jesosy no mpiaro antsika tsy mety potika? Izao no vakiantsika ao amin’ny Salamo 121:7-8 : “Jehovah hiaro anao amin’ny ratsy rehetra, eny, hiaro ny fanahinao Izy; Jehovah hiaro anao, na mivoaka na miditra, Hatramin’izao ka ho mandrakizay”. Tsy fanambarana fotsiny io fampanantenana io; izany no toky fa miambina antsika mandrakariva i Jesosy.

**Jesosy, Mpiambina ny lalantsika**:

Ao amin'ny alan'ny fiainana dia matetika isika no miatrika lalam-baovao sy lalana tsy fantatra izay toa maizina. Manome toky antsika ny fampanantenan’ny Salamo faha-121 fa i Jesosy no mpitari-dalana antsika mandrakariva. Manazava ny lalantsika izy, ary miaro antsika amin’ny fahatafintohinana sy ny vato misakana. Alao sary an-tsaina hoe miara-mandeha amin’i Jesosy isika, izay manome antoka amin’ny dingana rehetra fa eo amin’ny lalana marina mankany amin’ny fiainana feno izay omeny ho antsika isika.

**Jesosy, ilay Ampinga tsy mety vaky**:

Miatrika tafio-drivotra tsy ampoizina isika indraindra eo amin'ny fiainana: fihaikana, tahotra, ary toe-javatra izay mandrahona ny hanozongozona antsika. Fa Jesosy no ampingantsika tsy mety vaky. Ao amin'ny Ohabolana 30:5 ( DIEM ), dia omena toky isika fa "Andriamanitra dia ampingan'izay mialoka aminy". Alaivo sary an-tsaina ny ampinga masina apetrak'i Jesosy eo anoloanao, miaro anao amin'ny rivo-dozan'ny fiainana. Eo anatrehany dia voaaro sy manana fialofana hianao.

**Nitarina ny tranolay Fiarovan'Andriamanitra**

Alao sary an-tsaina izao ny tranolay fiarovan'Andriamanitra izay napetrak'i Jesosy manodidina anareo tsirairay avy. Ity lay ity dia tsy miaro anao amin'ny tafio-drivotra fotsiny fa fialofana feno fitiavana sy fampiononana. Ao amin'io tranolay io, i Jesosy dia tsy hoe mpiaro amin'ny fahoriana ihany, fa namana koa izay mizara fotoan-tsarotra sy fiadanana. Tsy ampinga fotsiny ihany ny lay fiarovan'Andriamanitra fa toerana misy an'i Jesosy izay manarona anao amin'ny fitiavany tsy tapaka.

**Famaranana**

Androany dia nandinika ny fahamarinana tsy mampino isika fa tsy namantsika fotsiny i Jesosy fa te hilasy miaraka amintsika koa. Fantany ny ao am-pontsika, te hizara fotoana manokana izy, ary miaro antsika amin'ny fotoana rehetra. Rehefa mahatsiaro ho irery ianao na miatrika fihaikana amin'ny manaraka dia tsarovy fa miara-mipetraka aminao i Jesosy. Misaotra anareo niara-nizara tamiko ity fotoana ity. Tsarovy mandrakariva fa tianao i Jesosy ary vavaka indraim-bava fotsiny no mampisaraka antsika aminy. Mirary tontolo andro mahafinaritra ho anao ary aza hadinoina fa miara-milasy aminao i Jesosy!

**Vavaka famaranana:**

Andriamanitra be fitiavana ô, misaotra anao tamin'ity fotoana niarahanay teto ity. Homba anay mandrakariva anie ny fitiavanao sy ny fahasoavanao. Enga anie ny ankizy rehetra eto hahatsapa ny fanatrehanao ary hahatsiaro fa Milasy miaraka aminy i Jesosy. Amena.

Misaotra anareo nifampizara ity fotoana ity. Tsarovy mandrakariva fa tian'i Jesosy ianao ary vavaka indraim-bava no mampisaraka antsika aminy lavitra Azy. Mirary tontolo andro mahafinaritra ho anao ary aza hadinoina fa milasy miaraka aminao Jesosy!

# TORITENY FAHA EFATRA

## Milasy Miaraka amin'i Jesosy

**Vakiteny Fototra:** Matio 28:20 - "Ary indro Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao".

**Vavaka fanokafana:**

Misaotra anao izahay amin'ity andro mahafinaritra nomenao anay ity sy ny fahafahana mivory eto. Manandratra ny feonay izahay amin'izao fotoana manokana izao dia mba hanaiky ny fisianao tsy tapaka eo amin'ny fiainanay.

Tompo ô, tariho izahay eo am-panadihadiana ny dikan'ny hoe "Milasy Miaraka Aminao". Ampio izahay hahatakatra ilay fampanantenana mahafinaritra fa hiaraka aminay mandrakariva ianao, hatramin'ny faran'izao tontolo izao. Avelao izahay hahatsapa ny fanatrehanao amin'ny teny rehetra zaraina, ary enga anie izahay hiala eto manana aingam-panahy ny hiara-mandeha amin'i Jesosy amin'ny dingana rehetra amin'ny fiainanay. Mangataka izany rehetra izany izahay amin'ny anaran'i Jesosy malala Zanakao. Amena.

**Fampidirana**

Mirary Sabata sambatra! Mety hanontany tena isika hoe inona marina no tiana holazaina amin'ny foto-kevitra androany hoe "Miara-milasy amin'i Jesosy". Fantatro fa nanao izany koa aho. Alao sary an-tsaina izao: rehefa mandeha lasy isika, dia mitondra izay rehetra ilaina mba hahazo aina sy hahazo antoka. Mety hitondra entana toy ny lay, jiro, sakafo matsiro, ary, mazava ho azy, ny namantsika na ny fianakaviantsika. Ahoana àry raha alaintsika sary an-tsaina fa te hiaraka milasy amintsika koa i Jesosy? Inona no tianao? Inona no hataontsika miaraka? Azo atao ve izany?

Tian'i Jesosy ny ho namantsika amin'ity zava-miseho tsy ampoizina mahafinaritra antsoina hoe fiainana ity. Tsy lavitra antsika na oviana na oviana Izy. Maniry ny ho akaiky antsika tahaka ny namana milasy i Jesosy, mifampizara ny fotoana rehetra amintsika. Ary izany no ho dinihantsika ao amin'ny hafatra anio. Hojerentsika ilay fanontaniana hoe: Ahoana no ahafahan'i Jesosy manatrika eo amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainantsika, amin'ny maha-namana tsy tapaka sy mahatoky azy?

Andeha hosokafana ny Baibolintsika amin'ny andininy fototra ao amin'ny Matio 28:20 - "Ary indro Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao". Alao sary an-tsaina izao: manome toky antsika i Jesosy, Zanak'Andriamanitra, fa ny fanatrehany dia hiaraka amintsika amin'ny dingana rehetra amin'ny diantsika, na aiza na aiza alehantsika na inona na inona

atrehantsika. Mampientanentana ahy ny mandinika ity fampanantenana ity ary mahita ny fomba ahafahantsika miaina isan'andro amin'ny fahafantarana fa manana an'i Jesosy ho namana mahatoky antsika isika na aiza na aiza alehantsika.

**Fizarana 1: Ny Fampanantenana ny Fanatrehan'i Jesosy:**

Andeha isika hanomboka amin'ny iray amin'ireo tantara tsy mampino indrindra ao amin'ny Baiboly izay mampiseho ny fanatrehan'i Jesosy tsy tapaka. Efa hiditra ny Tany Nampanantenaina ny Israelita notarihin'i Mosesy. Fantatr'i Mosesy, ilay mpitarika lehibe, fa tapitra ny fotoany, ary nampita ny andraikitra tamin'i Josoa izy.

Tsy maintsy niatrika zava-tsarotra sy andraikitra maro i Josoa, amin'ny maha-mpitarika vaovao azy. Kanefa tao anatin'ny fisalasalana, dia niresaka mivantana taminy Andriamanitra ary nanao fampanantenana tsy azo ovana taminy. Hoy Andriamanitra tamin'i Josoa: "Aza matahotra, ary aza mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao." (Josoa 1:9 ).

Azoko sary an-tsaina fa nahazo ireo teny mampahery ireo i Josoa tao anatin'ny tahotra sy ny fanahiany. Tsy ho an'i Josoa ihany ilay fampanantenana fa ho antsika rehetra. Manome toky antsika i Jesosy fa tsy irery isika amin'ny diantsika amin'ny fiainana. Miatrika ny fihaikana sy ny tahotra ary ny fanahiantsika i Jesosy, ka tsy irery isika.

**(Fanehoana an-tsary Mety Atao: Sarin'i Jesosy manana tranolay ary vonona mandrakariva hiara-lasy aminao)**

Aleo alaivo sary an-tsaina izao: vonona ny handeha amin'ny lasy mampientanentana ianao. Avy eo dia nanapa-kevitra i Jesosy ny handeha hilasy miaraka aminao. Izy no mitondra ny tranolainy izay ampy ho anao koa mazava ho azy! Manana ny zavatra ilaina rehetra ihany koa Izy ka tsy ilainao ny hanahy na inona na inona. Ao anatin'ny dia ataontsika eo amin'ny fiainana, ao anatin'ny fifaliana sy ny fihaikana, dia nanangana ny lainy teo anilantsika Jesosy. Hitantsika eo izy io, vonona hanome alokaloka rehefa mafana ny andro, fialofana rehefa avy ny orana, ary miaraka aminao rehefa mahatsiaro ho irery ianao. Tsy lavitra Jesosy; Eo izy miaraka aminao, mizara ny fotoana rehetra amin'ny dianao na tsara na ratsy. Hoy ny Baiboly ao amin'ny Josoa 1:9 - "Tsy efa nandidy anao va Aho? Mahereza sy matanjaha; aza matahotra, aza kivy, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao". Io fampanantenana feno fitiavana nataon'Andriamanitra tamin'i Josoa io no toy ny hazavana manazava ny lalantsika. Fantatr'i Josoa fa, teo amin'ny fitarihany, dia tsy voatery hatahotra na ho kivy izy satria ho eo anilany ny Tompo. Toy izany koa ny antsika. Ity andininy ity dia mampahatsiahy antsika fa na aiza na aiza alehantsika, na inona na inona fihaikana atrehintsika, na toa maizina toy ny inona ny lalana, dia eo i Jesosy,

miara-mipetraka amintsika. Manome herim-po antsika ny fanatrehany ary manome toky antsika fa tsy irery mihitsy isika.

**Fizarana 2: Nilasy niaraka taminao tao anatin'ireo fifaliana sy fihaikana i Jesosy**:

Andeha hojerentsika ny lafiny mampientanentana amin'ny fananana an'i Jesosy ho mpiara-milasy amintsika: ny fandraisany anjara mavitrika amin'ny diantsika. Tsy tokony ho mipetrapetra-potsiny ny fifandraisantsika amin'i Jesosy; Mandray anjara feno amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainantsika Izy.

Andeha hojerentsika ny hafaliantsika mamirapiratra indrindra. Amin'ireo fotoan'ny fihomehezana sy ny zava-bita ary ny fahombiazana ireo, dia tsy mpitazan- davitra i Jesosy; Miara-mifaly amintsika Izy. Rehefa miaina fifaliana isika dia mizara izany fifaliana izany amin'ny tsikitsiky masina Izy. Tsy antsika irery ny fandresena; zaraina amin'ny namana izay miara-milasy amintsika izy ireo.

Diniho ny zava-tsarotra atrehintsika. Tsy hoe tsy miraharaha ny Tolona atrehantsika i Jesosy. Eo Izy, vonona hanatsotra ny tanany manampy. Na sarotra toy inona aza ny zava-misy, dia miara-mandeha amintsika manerana ny lohasaha rehetra i Jesosy ary mampahery antsika ao anatin'ny tafio-drivotra. Ny fampanantenana ao amin'ny Filipiana 4:13 dia velona amin'izao fotoana izao: “Mahay ny zavatra rehetra aho ao amin'i Kristy izay mampahery ahy”. Manome hery antsika i Jesosy mba handresena ny olana rehetra satria miara-milasy amintsika Izy mandritra ny oram-baratra eo amin'ny fiainantsika.

(Fanehoana an-tsary Mety ho atao: Andro niarahana nilasy tamin'i Jesosy, nanaovana fanandramana tsara sy niatrehana fotoan-tsarotra, mety ho tafiotra.)

Rehefa milasy miaraka amin'i Jesosy isika dia manomboka amin'ny dia tsy ampoizina mampientanentana toy ny fitsangatsanganana amin'ny masoandro mibaliaka, mankafy ny natiora ary mizara fihomehezana. Eo Jesosy, mitsiky, manao tantara ary mamorona fahatsiarovana miaraka amintsika. Mahatsapa ny fahafenoan'ny fiarahana Aminy sy ny fifalian'ny fanatrehany isika amin'izao fotoana izao.

Na izany aza, dia mety hanatona ny tafio-drivotra amin'ny antoandro. Mety hanamaizina ny lanitra ny rahona, ary manomboka milatsaka ny orana. Fampahatsiahivana fa manana ny fihaikany manokana ny fiainana. Ny zavatra mahafinaritra dia tsy mitsoaka ny tafio-drivotra i Jesosy. Manangana ny tranolainy Izy ary manome fialofana ho antsika. Na dia mety hiova tsy ampoizina aza ny andro, dia tsy irery ianao. Eo Jesosy, miatrika ny tafio-drivotra miaraka aminao. Hoy ny Baiboly ao amin'ny Filipiana 4:13 (DIEM) - “Afaka miatrika izany rehetra izany aho, noho i Kristy manome hery ahy.”

Lasa hery ho antsika ao anatin'ny fifaliana sy ny fihaikana io andininy io. Mampahatsiahy antsika ny Filipiana 4:13 fa, miaraka amin'i Jesosy ho namantsika, dia tsy voafetran'ny herintsika manokana isika. Manome hery antsika hiatrika ny toe-javatra rehetra ny heriny. Tahaka ny niarahany nilasy amintsika amin'ny fotoana mahafinaritra, no hanohanany antsika koa amin'ny fotoan-tsarotra.

Rehefa misaintsaina ny fomba nizaran'i Jesosy ny hafaliantsika sy ny nanampiany antsika amin'ny fihaikana natrehantsika, dia fantatsika fa mampanan-karena ny lafiny rehetra amin'ny fiainantsika ny fanatrehany. Andao handroso, ary fantatsika fa manana namana avy amin'Andriamanitra isika izay mizara ny fihetseham-po rehetra ary mampahery antsika amin'ny fihaikana rehetra.

**Fizarana 3: Fanasana hilasy miaraka amin'i Jesosy:**

(Mety ho fanoharana: Sarin'i Jesosy toy ny namantsika akaiky indrindra)

Manana namana izay eo foana hihaino anao, hankalaza ny zava-bitanao, ary hampionona anao amin'ny fotoan-tsarotra. Namana izay tsy olona fantatrao avy lavitra fa olona tafiditra lalina amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainanao. Jesosy izany namana izany. Ny fananana Azy ho namanao akaiky indrindra no midika fa tsy mahatsiaro ho irery ianao, na inona na inona atrehanao.

Eritrereto ireo namana eto an-tany izay nanananao. Inona no tsapanao rehefa miombona fihomehezana sy ranomaso amin'io olona io ianao? Te ho namana manokana ho anao i Jesosy. Tsy vitan'ny hoe milasy miaraka aminao amin'ireo zava-dehibe tsy ampoizina (aventure) atrehanao izy fa eo koa rehefa mila soroka hianteherana ianao. Ny fisakaizana amin'i Jesosy no zava-dehibe sy maharitra indrindra azonao iainana.

Ao amin'ny Apokalypsy 3:20 dia milaza hoe: "Indro, efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna, ary raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra Aho ao aminy aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko. "

Kanto sy ho an'ny tenanao manokana io fanasana avy amin'i Jesosy io. Eo am-baravaran'ny fonao Izy, miantso amim-pitiavana. Eo am-pelatananao ny fanapahan-kevitra. Raha manokatra varavarana ianao, dia ho avy Jesosy ary hizara aminao tsy ny fotoana andavanandro ihany fa ny fotoana manokana sy manan-danja koa , toy ny fiaraha-misakafo akaiky eo amin'ny mpisakaiza. Asehon'io andininy io amintsika fa mihoatra noho ny fiarahana miaina fotsiny ny fifandraisana amin'i Jesosy; fiombonana akaiky sy manokana izy io.

Tonga eto amin'ny fotoana manokana izay tiako hanolorana antso manokana ho an'ny Mpisavalalana sy ny tanora rehetra aho. Tsy te hilasy

miaraka aminao tsindraindray fotsiny i Jesosy fa maniry ny ho namanao isan'andro. Alao sary an-tsaina hoe manana namana tsara indrindra eto amin'izao tontolo izao miaraka aminao isan'andro ianao, vonona ny hizara aminao ny fotoana rehetra.

Manasa anareo aho anio mba hanokatra ny fonareo sy handray an'i Jesosy amin'ny fiainanareo andavanandro. Tsy lavitra izy; Eo am-baravaran'ny fonao Izy, miantso amim-pitiavana. Na tanora ianao na antitra, dia te ho namanao akaiky indrindra i Jesosy. Tahaka ny hanangonanao ny kitapo babena ho an'ny andro hilasiana, dia miomàna hanana an'i Jesosy ho namana mahatoky amin'ny dianao isan'andro.

Raha zavatra tianao hatao izany dia aza misalasala mitsangana ary manatona ety anoloana hanao vavaka manokana ho anao aho.

**Vavaka famaranana:**
Ry Jesosy malala ô, misaotra Anao izahay noho ny fitiavanao tsy misy fepetra sy ny fiarahanao aminay mandrakariva. Androany dia maro aminay no manokatra ny varavaran'ny fonay hanasa anao ho namana akaiky anay indrindra. Enga anie hanova ny fiainanay sy hitarika anay amin'ny dingana rehetra amin'ny dianay ny fanatrehanao. Amin'ny anaranao sarobidy no anaovanay izany vavaka izany. Amena.